



ce 15
20 PV
cra no 10
X
16

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-102

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna:
- laharana faha-011/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020, mikasika ny Fandravonana ny Tetibolam-panjakana, taona 2017,
- laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la gouvernance digital et aux réformes de l'Etat Civil et des identifiants PRODIGY, conclu le 12 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»

Fivoriana faha-16
Natao ny
Talata 8 Desambra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Talata 8 Desambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna:
- laharana faha-011/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020, mikasika ny Fandravonana ny Tetibolampanjakana, taona 2017.

- laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la gouvernance digital et aux réformes de l'Etat Civil et des identifiants PRODIGY, conclu le 12 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Talata 8 Desambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, Kestora Faharoa no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany ny tenany.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaraharam-potoana araka ny voalaza eo ambony, Ramatoa Filoha ary nanambara fa nisy ny "48^{ème} session du Forum Parlementaire de la SADC" notontosaina tamin'ny faha-4 sy faha-5 Desambra 2020 teo izay natao tamin'ny alalan'ny "visio-conférence", ka voafidy ho Filoha Lefitra tamin'izany ny kandida natolotry ny Antenimierampirenena Malagasy, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betafo, izay hiasa mandritry ny 2 taona.

Nitsodrano azy mba hahatanteraka antsakany sy andavany ny andraikitra mavesatra hosahaniny, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Naneho fisaorana an'Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA Filohampirenena, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, noho ny fanomezany azy malalaka ny toeran'ny Filoha Lefitra tamin'izany "Forum Parlementaire de la SADC" izany.

Nisaotra ny Filohan'ny Antenimierampirenena koa izy tamin'ny fanohanana ny firotsahany hofidina tamin'izany toerana izany.

Rehefa izany, mbola nanolotra ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc, izay lany ho Filoha Lefitry ny "Sous-commission Genre" amin'izany "forum" izany.

Nambarany fa tombony ho an'ny diplaomasia Malagasy amin'ny fampandrosoana ny nahatafidirantsika ao anatin'izany; toy ny fampandrosoana ny ilany Atsimon'i Afrika. Tsy hadino ny fitakiana amin'ny lalan'ny vondrona misy aty Afrika, ny SADC ohatra, mikasika ny fitakiana ny "îles éparses" satria fampandrosoana ara-toekarena ny faritra no tanjona.

Rehefa izany, niangavian-dRamatoa Filoha, mba hampahafantatra ireo mpikambana ao anatin'ity "forum" ity, ny Fioha Lefitra vao lany tamin'izany toerana izany.

Ireto avy ny Solombavambahoaka mpikambana ao anatiny:

- Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia, Solombavambahoakan'i Besalampy, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna;
- Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny, Solombavambahoakan'Antanifotsy, efa mpikambana tao amin'ny SADC tamin'ny taona 2019, ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Industria. Efa namonjy ny fivorian'ny SADC, tany "Cap Town" sy Johannesburg" ny tenany.

Rehefa izany, niroso tamin'ny lahadinika ny mpivory, izay fivoriambe handiniana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020 momba ny Fandravonana ny Tetibolam-panjakana, taona 2017 ary niangavy an'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, Mpampakateny hamaky ny tatitra momba izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alarobia faha-2 Desambra 2020 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2020, tamin'ny 30 Septambra 2020, momba ny Fandravonana ny Tetibolam-panjakana, taona 2017.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 3- RAFIDIMANANA Narson
- 4- REMI dit DJAO JEAN
- 5- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 6- TSARADIA Marco
- 7- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 8- MOHAMAD AHMAD
- 9- PEPIN Michou

Nisolo tena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto,
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|---|---------------------------|-------------------|
| 1 | RAMANDIMBIARISOA Oliva | MEF/DGFAG |
| 2 | RAMAHARIVO B. | MEF/DGFAG/DB |
| 3 | RASOLONIRINA R. | MEF/PGA |
| 4 | RANDRIAMAROMANANA Rantoso | MEF/SG/DGT/ACCTDP |

5	RAJONSON Zaratiana	MEF/ SG/DGFAG/DB
6	RAKOTOMALALA Onitiana	MEF/SG/DGFAG/DB/SSB
7	RATOLOJANAHARY J.	MEF/SG/DGFAG/DB/SSB
8	RAKOTOSALAMA M.	MEF/SG/DGFAG/DB/SSB
9	RASOLONIAINA L.	MEF/SG/DGFAG
10	NDRIAMAHAVORY Etsanga	MEF/SG/DGFAG/DB/SSB
11	RANAIVOZANANY Jerry	MEF/SG/DGFAG/DB/SSB

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa araka ny didy aman-dalàna dia anjaran'ny Mpanatanteraka no mitondra ny Volavolan-dalàna Fandravonana ny Tetibola eo anivon'ny Parlemanta. Marihana fa ny fisian'ny valan'aretina COVID-19 no nahatara ny fitondrana izao Volavolan-dalàna izao.

Hezahina mba ho ao anatin'ny herin-taona ny fitondrana ny Volavolan-dalàna Fandravonana ny Tetibola etỳ anivon'ny Parlemanta.

Ny tanjona dia hampiseho ny zava-bita nampiasana ny tetibola teo amin'ny fampandrosoana ny Firenena.

Ny tahan'ny fiakarana ara-toekarena ny taona 2017 dia 4.3%, raha toa 4.0% tamin'ny taona 2016. Ny tahan'ny PIB ny taona 2017 dia nahatratra 15.2% raha toa 14.8% ny taona 2016. Ny fiakaran'ny vidim-piainana ny taona 2017 dia nahatratra 9.0% raha toa 7.0% ny taona 2016.

Mikasika ny vokatry ny famantarana ara-toekarena dia toy izao manaraka izao:

- Teo amin'ny tahan'ny fiakarana ara-toekarena dia 4.3% no tratra raha toa 4.5% no vinavina tao amin'ny LFI 2017.
- Teo amin'ny seha-pamokarana voalohany dia -1.0% raha toa 2.8% no vinavina tao amin'ny LFI 2017.
- Teo amin'ny seha-pamokarana faharoa dia 9.0% no tratra raha toa 5.4% ny vinavina tao amin'ny LFI 2017.
- Teo amin'ny seha-pamokarana fahatelo dia 5.7% no tratra raha toa 5.2% no vinavina tao amin'ny LFI 2017.
- Ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana raha miohatra amin'ny PIB dia nahatratra 9.0% raha toa 7.1% no vinavina tao amin'ny LFI.

Teo amin'ny fampiasam-bola momba ny hanam-pamokarana dia nahatratra 2 884,62 Miliara Ariary no vola natokana anaovana izany kanefa 1321,94 Miliara Ariary no nampiasaina. Nahatratra 45,83% ny taham-panatanterahana ny fampiasam-bola.

Ny vola niditra dia nahatratra 7 150,31 Miliara Ariary raha toa 7 301.26 Miliara Ariary ny fandaniana. Nisy arak'izany ny fatiantoky ny Tetibola izay mitentina 150,96 Miliara Ariary.

Mikasika ny zava-bita dia 57,30%-n'ny tanjona no tratra raha toa 36,54% no tsy tratra. Ny 1.9% dia tsy «disponible» raha toa 5.06% ny «autres». Nisy arak'izany ny tsy fahatratrarana ny tanjona ankapobeny izay napetraka.

Tomban'ny zava-bita isaky ny seha-pamokarana:

- Teo amin'ny sehatry ny fitantanan-draharaha dia mitsinjara toy izao: 55,54% no tratra raha toa 37,08% no tsy tratra; 0.77% kosa no «non disponible» raha toa ka 6.61% ny «autres»;
- Teo amin'ny sehatry ny famokarana dia toy izao: 59,26% no tratra raha toa 35,56% no tsy tratra; 2.22% kosa ny «non disponible» raha toa ka 2.96% ny «autres»;

- Teo amin'ny sehatra fotodrafitrasa dia toy izao: 53,25% no tratra raha toa 38,97% no tsy tratra. Mitovy 3.90% ny «non disponible» sy ny «autres»;
- Teo amin'ny sehatra sosiahy dia 65,52% no tratra raha toa 33,79% no tsy tratra; 0.00% no «non disponible» raha toa 0.69% ny «autre».

Taorian'izany dia nisy fanamarihana nataon'ireo Solombavambahoaka mikasika ny tsy fahatomombanana sy fahadisoana miverimberina tao anatin'ny fanatanterahana ny tetibola araka ny nambaran'ny tatitra navoakan'ny «Cour des Comptes».

Nampanantena ny teknisiana, fa hanome antontan-kevitra hafa entina hanatsarana ny fomba fiasa sy ny fepetra horaisina amin'izany.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andiny tamin'ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

- Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020 momba ny Fandravonana ny Tetibola, taona 2017 ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'ny famakiana ny tatitra dia nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, Ramatoa Filoha.

Niangaviany mba hanangan-tànana ny Solombavambahoaka raha misy manana fanamarihana na fanitsiana tamin'ny tatitra novakiana teo,

Tsy nisy nanana fanamarihana ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hitondra fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra, no nandray fitenenana.

Ny voalohan-teniny dia nisaotra an-dRamatoa Filoha ary nitondra fialan-tsiny noho ny tsy fahatongavan'Andriamatoa Minisitra niatrika fivoriana satria nisy andraikitra hafa nosahaniny mifanandrify amin'izao fivoriana atao izao.

Nambarany fa mazava ny tatitra nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson teo, saingy misy fanitsiana mikasika ny anaran'ny Tale avy ao amin'ny Minisitera, RANDIMBIARISOA Oliva no izy fa tsy RAMANDIMBIARISOA.

Ao amin'ny pejy faha-3, mikasika ny tahan'ny PIB taona 2017, nisy fanitsiana natao ka niova ny tahan'ny fampiasam-bola nentina namokatra.

Nambarany koa fa voaray, ny fanamarihana avy tamin'ny "Cour des Comptes" nataon'ny Solombavambahoaka momba ny tsy fahatomombanana teo amin'ny fanatanterahana ny tetibola ary ny fomba hanatsarana izany amin'ny tetibola manaraka.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Hetra, Ramatoa Filoha.

Nambaran'Andriamatoa RANDIMBIARISOA Oliva, Tale Jeneralin'ny Toekarena sy ny Tetibola, fa raha ny "Projet de loi de Règlement" taona 2017, nahitana fa ny "taux de croissance économique" tamin'izany dia nahatratra 4,3%, ny fiakarany raha ny tarehimarika ofisialy no jerena. Noho izany, nanamarika ny taona 2017 ihany koa ny fiakaran'ny harin-karena faobe isaky ny sehatra na "secteur". Ny "secteur secondaire" no nitarika ny "croissance économique" tamin'ny taona 2017 satria nahatratra 9% izany. Niiba 1% kosa tany amin'ny "secteur primaire" noho ny fiovaovan'ny toetr'andro ary niakatra 5,7% kosa tany amin'ny "secteur tertiaire".

Ny "loi de règlement», taona 2017 koa dia nahitana fahatsarana na "performance" tamin'ny fahatratrarana ny ezaka natao raha ny tondro manamarika napetraka tamin'izay fotoana izay no jerena. Nihatsara ny toekarena raha nampitahaina tamin'ny taona 2015 sy 2016 na dia tsy tanteraka teo amin'ny 30% aza ny vinavina napetraka.

Nambarany ihany koa fa anisan'ny teboka iray isarihana ny sain'ny Solombavambahoaka ny "exécution budgétaire" natao tamin'ny taona 2017 raha ny "déficate" no jerena satria 150,96 Miliara Ariary izany. Raha lazaina amin'ny teny fohy, nihena izany raha oharina tamin'ny taona 2016.

Manampy izany, ny "mouvement des crédits" dia niisa 262 nandritra ny "exécution budgétaire", taona 2017. Saika "Aménagement des crédits" no ankamaroany tamin'izay ary natao "par voie d'arrêté" izay miisa 246 ary 6 tamin'izany "transfert des crédits"; miisa 10 kosa ny "virement des crédits". Eo anatrehan'izany, tsy maintsy mamandre ny Parlemanta ny Mpanatanteraka rehefa hanao an'ireo zavatra roa voalaza teo ambony ireo. Ampandrenesina ihany koa ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola eto amin'ny Antenimierampirenena rehefa hanao ny volavolan-dalàna tahaka izao.

Teo ampamaranana ny teniny, nambarany fa "engagement" raisin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny hanafomezana herin-taona ny fotoana itondrana ny volavolan-dalàna momba ny fandravonana ny tetibola eto amin'ny Antenimierampirenena raha tokony ho 2 taona izany.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory sady nanome fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nanontany fa fotoana manao ahoana no andaniana ny volavolan-dalàna momba ny fandravonana ny tetibola satria taona 2017 no eto amintsika amin'izao fotoana izao.

Nilaza Ramatoa Filoha, fa ny teknisiana avy amin'ny Minisitera no afaka manazava bebe kokoa mikasika izay ary nomeny fitenenana.

Namaly Andriamatoa RAZAFIMANDRATO Tahina, teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa isaky ny 2 taona no itondrana izany eto amin'ny Antenimierampirenena araka ny didy aman-dalàna.

Nisy fahatarana ny taona 2017 noho ny zava-misy nolalovan'ny firenena ary hezahana hohatsaraina amin'ny taona manaraka. Ny antony dia mba ahafahana mandray ny «recommandations» rehetra omen'ny "Cour des Comptes".

Raha ny tokony ho izy, rehefa avy nitondra ny "loi de règlement" teto amin'ny parlemanta ny Minisitery izay vao mampiditra ny «recommandations» rehetra nomena.

Tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana intsony, ka niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharaha faha-011/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020, momba ny Fandravonana ny Tetibolam-panjakana, taona 2017, ny mpivory.

Famelabelarana ny antonantony.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 21 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Andininy voalohany ka hatramin'ny faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 21 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy voalohany ka hatramin'ny faha-10.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ity volavolan-dalàna ity, ny mpivory ka ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 21 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020, momba ny Fandravonana ny Tetibolam-panjakana, taona 2017.

Taorian'izany, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny avy ao amin'ny Governemanta raha mbola manan-kambara.

Fisaorana mitafotafo ny Antenimierampirenena tamin'ny nandaniana ity volavolan-dalàna ity no nataon'ny solotenan'ny Governemanta raha nandray fitenenana. Nambarany koa fa vonona ny hiarahiasa amin'ny Solombavambahoaka hatrany ny Governemanta.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Minisitery ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa Filoha, nilaza fa hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny faha-18 Novambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la gouvernance digital et aux reformes de l'état civil et des identifiants PRODIGY, conclu le 11 Octobre 2020 entre la république de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)», ny mpivory.

Nomarihany koa fa vao nampidirina tamin'ny fandaharam-potoana nolaniana ny Alakamisy 3 Desambra 2020 lasa teo ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakateny, Ramatoa Filoha, hamaky ny tatitra mikasika izany.

Adriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nanatanteraka izany ka toy izao ny fivakiny.

Nivory ny Alatsinainy faha-7 Desambra 2020 tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la gouvernance digitale et aux réformes de l'état civil et des identifiants PRODIGY, conclu le 12 octobre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomiera, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- RAVONTY Tam-Téon Luc
- 3- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 4- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 5- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 6- FIENENA Richard
- 7- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 8- RASIDIMANANA
- 9- RIVOTIANA Jean Bosco
- 10- RAKOTOARISOA Nirina Johnny
- 11- TSARADIA Marco
- 12- Narson RAFIDIMANANA

Tonga nisolotena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|-----------------------------------|--------------------------|
| 1- Bali ANDRIANTSEHENO | CG/PREA |
| 2- DELMOTTE STEPHANIE | Coord.Projet PRODIGY |
| 3- RAZAFINDRAMAVO Tahina | CDO/PREA |
| 4- RAFALIMANANA Fidèle | RSE/PRODIGY |
| 5- RAMBOATIANA Axel | Assistant Coordo PRODIGY |
| 6- ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona | MEF/DGT/DOF |
| 7- ANDRIANASOLO Avotra | MEF/DGT/DDP |
| 8- RAKOTONINDRAINy Zoely Narindra | MEF/DGT/DDP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana avy ao amin'ny Governemanta fa ny tetikasa «*Projet du Gouvernement Digital et de Gestion de l'Identité Malagasy*» (PRODIGY) ity dia iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Antony iray namolavolana ity tetikasa ity ny tsy fananan'ny ankabeazan'ny vahoaka karapanondrom-pirenena ka anisan'ny nahatonga «*doublons*» teo amin'ny lisitry ny mpifidy. Eo ihany koa ny tsy fananan'ny zaza vao teraka sy ireo olon-dehibe ny dikan'ny sora-pahaterahana. Raha havaozina anefa io resaka «*identifiant*» sy karapanondrom-pirenena io dia tokony ho foana izany olana izany.

Ny tanjona dia ny hanatsarana sy hanaraha-maso bebe kokoa ny sampandraharaham-panjakana eo amin'ny fomba fiasa (ohatra: fandraisana fisotroan-dronono). Izany no mahatonga ny Governemanta hiroso amin'ny «digitalisation».

Misy fomba fiasa noheverina hapetraka:

- Fametrahana ny «comité de pilotage» COSPREA ka ny Sekretera Jeneraly ao amin'ny Ministera rehatra no mpikambana ao;
- «Programme de Réformes pour l'Efficacité de l'Administration»PREA
- «Unité de Gouvernance Digitale» UGD
- «Unité de Coordination de Projet»UCP

Ny fomba fiasa vaovao amin'ity tetikasa ity dia miezaka aloha ny Fanjakana manatratra ny tanjona izay vao mamerina ny vola lany tamin'izany ny Banky Iraisam-pirenena, izany hoe tsy lanilany fotsiny ny vola fa misy zava-bita.

Raha vao teraka ny zaza iray dia efa mahazo sahady «numéro d'identifiant unique», vokatr'izany dia manamarina azy amin'izay rehetra ataony toy ny vaksiny, fidirana an-tsekoly izany laharana izany.

Rehefa tafapetraka tsara ity rafitra ity dia ahafahana manao «mise à jour automatique» ny lisi-pifidianana, noho izany dia tsy ilaina intsony ny fangataham-bola ataon'ny CENI amin'ny Fanjakana fa fanaraha-maso eo anivon'ny Fokontany sisa no atao. Manamora ihany koa ny fisitrahana sy fampiasana ny sampandraharaham-panjakana, ohatra ny fananan-tany, fandoavana karama, fandoavana hetra...

Mitentina 140 000 000 USD ny vola indramina ary 3 000 000 USD ny fanomezana. Ny 86 000 000 USD no atokana ho an'ny sora-piankohonana sy ny «identifiant». Ny 52 000 000 USD ho an'ny «transformation digitale». Ny 5 000 000 USD ho an'ny fitantanan-draharaha.

Ny sora-piankohonana sy ny «identifiant» no hanokanana vola betsaka indrindra. Hahazo karapanondrom-pirenena misy «puce numérique» vaovao sy «signature électronique» ny olona 18 taona noho miakatra. Izany dia manamora ny fidirana anaty sampandraharaha iray.

Nambaran'ny teknisiana fa misy ny fiaraha-miasa amin'ny CSB sy ny Fokontany ary ny Kaominina satria hatramin'ny zaza vao teraka dia hahazo «numéro d'identifiant unique». Homena «tablette» ny eny anivon'ny Fokontany; homena «ordinateur» ny eny anivon'ny Kaominina. Amin'ny alalan'izany fitaovana izany no hampitana ny zava-misy tsara ho fantatra any amin'ny «serveur de base des données» sy ny tahan'ny mponina izay mahazo ny «numéro d'identifiant unique».

Anisan'ny tanjona ihany koa ny fahafantarana ny isan'ny olona efa misitraka ny sampandraharaham-panjakana nohavaozina.

Ny fanjakana no mamoka vola mialoha. Rehefa tratra ny tanjona dia ny «Cour des Comptes» no mandrefy azy fa tsy izay manao ny asa.

Rehefa izany dia alefa ny fangatahana famerenam-bola any amin'ny Banky Iraisam-pirenena.

Momba ireo fepetra indray dia vinavinaina ho 5 000 000 ny isan'ny olom-pirenena tafiditra ao anatin'ny fitantanana ny «base des données». Manaraka izany, mitentina 17 000 000 USD ny fametrahana ny «institutions clés». Ho an'ny fametrahana ny «Comission Malagasy de l'Informatique et de Liberté» CMIL kosa, 17 000 000 USD no tamby. Mikasika ny fametrahana ny paikady eo amin'ny sehatry ny «cyber sécurité» sy ny fananganana birao misahana izany dia 16 000 000 USD no tamby. Ho an'ny fampivondronana ny asam-panjakana sy hahatsotra ny fanaraha-maso izany mba hisian'ny fangaraharaha sy ny «traçabilité» dia mitentina 10 000 000 USD.

Nomarihan'ny teknisiana fa vao tamin'ny 29 Septambra 2020 teo no neken'ny Banky Iraisam-pirenena ity tetikasa ity ary izao angatahana fankatoavana eto amin'ny Parlemanta izao. Izany dia midika fa amin'ny faran'ny volana Janoary 2021 dia tokony hanan-kery izany.

Ny fanatanterahana ity tetikasa ity dia mba tsy hisian'ny olom-pirenena very zo (tsy manana CIN), mba tsy hisian'ny fiheverana fa ny Malagasy dia tsy azo itokisana amin'ny resaka sora-piankohonana.

Nanamarika ny teknisiana fa anisan'ny tetikasa manandanja miohatra amin'ireo tetikasa marobe maneran-tany ity tetikasa ity.

Ity tetikasa ity dia ahitana fampindramam-bola izay mitentina 140 000 000 USD izay averina ao anatin'ny 29.5 taona, ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny «commisson d'engagement» dia 0.25% aloha amin'ny vola tsy mbola voaray. Ity fampindramam-bola ity dia «non concessionnel».

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory, ka toy izao izany:

- 1- Ny orinasa nanao ny «permis de conduire» ihany ve no mahazo ity tetikasa ity?
- 2- Efa mipetraka ve ny mikasika ny "Huawei"?
- 3- Manao ahoana ny «identifiant unique» amin'ny resaka «business» sy ny olana momban'ny diplaoma sandoka?
- 4- Ahoana ny momba ny fandraisana mpiasa satria maro ny tanora manana mari-pahaizana afaka mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny tetikasa?
- 5- Maro ny Kaominina tsy misy herinaratra, ahoana ny amin'izany?
- 6- Aiza ho aiza ny fanarenana ny fotodrafitrasa eny anivon'ny Fokontany satria ratsy dia ratsy izany any amin'ny Faritra sasany?
- 7- Aiza no toerana hanombohana ny tetikasa?

Valim-panontaniana nomen'ny teknisiana:

1. Tsy ny orinasa nanao ny «permis de conduire» no mahazo ity tetikasa ity fa mbola hisy ny fanaikana hanao tolo-bidy;
2. Mikasika ny "Huawei" dia 10 000 000 USD natokana ho an'ny fotodrafitrasa; 200 km ny «fibre optique» hapetraka ho an'ny «connexion» eo anivon'ny Minisitery sy ny sampandraharaha miankina aminy;
3. Mikasika ny «identifiant unique» amin'ny resaka «business» dia efa misy ny fiaraha-miasa amin'ny EDBM. Hivoaka atsy ho atsy koa ny «unik business identifier» ho an'ny resaka fandraharahana. Ho an'ny resaka diplaoma sandoka indray dia efa nisy ny fanadihadiana natao ka anisan'ny tetikasa laharam-pahamehana hatolotry ny Fampianarana Ambony ny fitadiavana vahaolana amin'izany;
4. Mikasika ny fandraisana mpiasa dia atao mangarahara izany ary avoaka amin'ny «site web» sy avoaka amin'ny gazety;
5. Mikasika ny tsy fisian'ny herinaratra dia ampiasaina araka izay azo atao ny angovo azo avy amin'ny masoandro;
6. Eny anivon'ny Fokontany dia tsy misy ny fanarenana ny fotodrafitrasa fa ny biraon'ny Kaominina no hasiana fanarenana;
7. Mora ny fanatanterahana ireo asa ireo eto Antananarivo saingy any amin'ny Faritra Atsinanana no hanombohana izany.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa hahazoana manapakevitra anefa dia niato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la gouvernance digitale et aux réformes de l'état civil et des identifiants (PRODIGY), conclu le 12 octobre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, Ramatoa Filoha, tamin'ny famakiany ny tatitra, nambarany fa hiroso amin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory, ka ny Solombavambahoaka no manomboka izany ary ny Governemanta aorian'izay.

Nanao fanamarihana, Andriamatoa NASIRA Julien ary nilaza fa 1 700 000 no notenenin'ny Mpampakateny kanefa «17 Millions» no tarehimarika voasoratra ao amin'ny pejy faha-3. Mitovy amin'izay koa eo ambany, 1 600 000 no noteneniny kanefa "16 Millions" no hita ao amin'ny tatitra. Noho izany, tsy fantatra izay tarehimarika tena marina.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa ny voasoratra ao amin'ny tatitra no marina.

Nanamafy ny voalazan-dRamatoa Filoha, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, rehefa nomena fitenenana ary nilaza fa "17 Millions" sy "16 Millions" no tarehimarika marina.

Taorian'ny fanamarihana nataon'ny Solombvambahoaka mikasika ny tatitra, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny solotena avy amin'ny Governemanta raha toa manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany.

Fialan-tsiny noho ny tsy fahafahan'Andriamatoa Minisitry, nanatrika ny fivoriana no nanombohan'Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra, ny fitenenana.

Nambarany fa ny teknisiana avy ao amin'ny tetikasa PRODIGY no hitondra fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIANTSEHENO Balsam, Mpandrindra ankapobeny ny Tetikasa PREA eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika fa misy diso ny anarana ao amin'ny pejy voalohany; ANDRIANTSEHENO Balsam no anarany feno fa tsy "Bali" fotsiny ary RAZAFINDRAMALO no izy fa tsy RAZAFINDRAMAVO.

Ao amin'ny pejy faha-2, «*paragraphe 2; Projet de Gouvernance Digital*» no tena izy.

Momba ny resaka vola ao amin'ny pejy faha-3, 16 000 000 sy 17 000 000 no marina araka ny voalazan-dRamatoa Filoha teo.

Ao amin'ny pejy faha 4: tsy "commission" no izy fa "commission d'engagement". Tsy "non concessionnel" ihany koa, fa "semi-concessionnel". Manarak'izay, ampiana hoe 1,8% ny tahan'ny zanabola aloa isan-taona.

Ao amin'ny andininy voalohany koa nasiana fanovàna hoe: ny COSPREA no miandraikitra ny fandrindrana ny tetikasa ary ny Sekretera Jeneraly any amin'ny Minisitry no mpikambana ao aminy. Ao amin'ny pejy faha-3, ampiana hoe: ny Fanjakana no mamoka vola mialoha; asiana fonosana izay mitentina ho 17%-n'ny tetibola.

Ao amin'ny pejy faha-4, fanontaniana faha-3 "unique business" no izy fa tsy "business" ary ao amin'ny pejy faha-5 farany, ao amin'ny valiny faha-7, tsy ny Faritra Atsinanana irery ihany fa ampiana hoe: Ambositra, Fandriana, Fianarantsoa, Toamasina.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpandrindra ny tetikasa ny, Ramatoa Filoha, talohan'ny nirosoana tamin'ny famelabelarana ny volavolan-dalàna ary niangavy ny solotenan'ny Governemanta mba hanao izany.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIANTSEHENO Balsam, Mpandrindra ny Tetikasa PREA, tamin'ny fandraisany fitenenana fa zava-dehibe ho an'ny firenena ny fisian'ity tetikasa PRODIGY ity. Miankina amin'ny fananana "base des données" matanjaka no mampandroso ny toekarena amin'ny firenena iray. Noho izany, hanana tombotsoa manokana amin'izany ny Foibem-pitantanana ankapoben'ny Hetra eto amintsika satria anisany hametrahana "système d'information fiscale" ao aminy.

Efa tamin'ny taona 2015 no nanaovana ny fifampiraharaha momba ity tetikasa ity ary izao nivaly soa aman-tsara izao. Fomba iray entina hampitomboana ny fampidiran-ketra ho an'ny firenena iray koa ny fametrahana azy. Araka ny voalaza teo aloha, tombony ho antsika ny fahazoana ity tetikasa ity satria hitarika fandrosoana.

Rehefa izany, Andriamatoa RAFALIMANANA Fidèle, teknisiana miandraikitra ny Tetikasa "Gouvernance Digital" no nanazava ny momba ny tetikasa; nambarany tamin'izany fa taona 2015 no niforonany. Nisy fanadihadiana natao teto amin'ny firenena talohan'ny nanombohana azy.

Nambarany ihany koa fa mizara telo lehibe ny fanadihadiana tamin'izany, ka nahitana ny:

- 1- "Evaluation du Système de Gestion d'Identité" eto Madagasikara.
- 2-Ny "Analyse des Opportunités Numériques de Madagascar".
- 3-Ny "Analyse de maturité Digital de l'Administration Malagasy».

Ireo fanadihadiana telo lehibe ireo no nahitana lesoka tamin'ny tsy fananan'ny olom-pirenena Karapanondro. Tsy manana karapanondro ny 1/4-n'ny olom-pirenena izay tokony hanana izany.

Tsy manana "identifiant" na famantarana ny olom-pirenena vao teraka ka hatramin'ny faha-18 taonany. Izany hoe, tahaka ny tsy olom-pirenena izy ireny raha ny marina.

Mahatsapa ny Governemanta fa tokony ho fanoitra ho amin'ny fampandrosoana ny fampiasana fomba fiasa vaovao ara-kajy mirindra eto amin'ny Firenena. Noho izany, tokony hametraka «Plateforme» iray mba ahafahan'ny olom-pirenena miditra amin'ny sehatry ny asam-panjakana. Izay no tanjona hapetraka.

Ao anatin'izany, ny fanatsarana ny asam-panjakana, ny fanamorana ny fisitrahana ny asam-panjakana ary ny fanaraha-maso ny tamberin'andraikitra ho any amin'ny olom-pirenena tsirairay. Izany hoe, fampiakarana ny fisitrahana ny olom-pirenena tsirairay avy ny "identité légale". Ny ezaka hatao amin'izany dia ny fanomezana ny olom-pirenena rehetra "identifiant", manomboka amin'ny fahaterahany ka mandrapahafatiny.

Ny tanjona faharoa dia fanamorana ny sampandraharahan-panjakana amin'ny alalan'ny "digitalisation", izay mitentina 143 000 000 Dolara. Izay no vola hampiasaina mandritra ny 4 taona amin'ny fanatanterahana ny tetikasa.

Ahitana “composantes” roa lehibe ny tetikasa. Voalohany, momba ny “état civil”; faharoa, fanatsara ny asam-panjakana. Hisy koa ao anatin’izany, fanatsarana ny “état civil” sy ny fametrahana “base des données” tokana momba ny “état civil” satria mbola miparitaka izy io amin’izao fotoana izao. Izany hoe, hatambatra ho iray ny “base des données” any amin’ny Minisitery misahana ny Asam-panjakana, ny Minisitery an’ny Atitany ary ny Minisitery an’ny Fitsarana sns...

Hatao ny fanomezana “identifiant unique” ny olom-pirenena. Ny asa fahatelo kosa, famindrana ireo olona tonga amin’ny “âge majorité civile” hifindra any amin’ny “base des données” ho an’ny olona “contribuable” sy ny lisi-pifidianana mba hoentina hanamorana ny “mise à jours” ny lisi-pifidianana izay tena andaniana volabe ary ny fampitaovana “matériel informatique” mba ahafahana mitantana ny asa momba ny “registre d’état civil” any amin’ny Fokontany sy ny Kaominina rehetra.

Mikasika ny “composante” faharoa momba ny fanatsarana ny asam-panjakana dia misy ny tanjona tsy maintsy ho tratrarina:

- Momba ny “digitalisation”, lohalaharana amin’izany ny “service public”, ny fametrahana ny “couche d’interopérabilité” ahafahan’ireo “système d’informations”-n’ny Fanjakana mifampiresaka amin’ny sampandraharaha maro, toy ny Banky, ny fitakiana hetra. Amin’ny alalan’ny “base des données” no ifampiresahana amin’izany.

- Anisany koany fametrahana “portail” tokana ahafahan’ny tsirairay misitraka ny asam-panjakana rehefa mamonjy biraom-panjakana, fa tsy avela hiparitaka intsony.

Raha ny vola hampiasaina amin’ny tetikasa kosa, mitentina “143 000 000 USD” izany, ka ny “86 000 000 USD” ho an’ny “composante” voalohany mikasika ny sora-piankohonana sy ny «identifiant», “52 000 000 USD” ho an’ny “composante” faharoa momba ny «transformation digital» ary ny “5 000 000 USD” kosa natokana ho an’ny fitantanana-draharaha.

Nindramina tamin’ny IDA ny vola mitentina “140 000 000 USD” ary ny “3 000 000 USD” indray fanomezana avy amin’ny GFF.

Mikasika ny fitantanana ny tetikasa kosa, ny “Conseil d’Orientation et de Suivi” na ny COSPREA no manao izany, ka ahitana ny PREA, ny “Unité de Projet”, ny “Unité de Conférence Digital” izay manao ny fandrindrana ny asa.

Ny tanjona dia hamoahana tondro manamarika (indicateur) ny isan’ny vahoaka Malagasy manana “identifiant unique” vaovao. Raha ny faran’ny tetikasa no asiana teny, hisy olona miisa 5 tapitrisa hanana “identifiant unique” vaovao ao anatin’ny “registre d’état civil”. Ho fantatra koa ny isan’ny olom-panjakana “digitalisé” vaovao manaraka “norme” sy “standard” eto amin’ny firenena; izay no tondro manamarika faharoa hotratrarina.

Mifototra amin’ny “réforme d’état civil” sy ny “identifiant” ny asa hatao ary efa manomboka izany, toy ny fanomezana “identifiant” ireo “entreprises” sy ny fametrahana “entreprise en ligne” eto Madagasikara miaraka amin’ny EDBM mba hahafantarana ny mombamomba azy tsirairay avy.

Tanjon’ny PREA ihany koa ny fametrahana AUGURE amin’ny fitantanana ny asam-panjakana.

Rehefa izany, nisaotra ny teknisiana tamin’ny fanazavana nomeny, Ramatoa Filoha ary nanambara, fa hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory sady nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nilaza fa resy lahatra amin’ny fanatsarana sy fanovàna mikasika ny fitondrana ny raharaham-panjakana izy.

Ny “Cour des Comptes” no manao ny fanombanana, kanefa tsy hita ato anatin’ny antontan-kevitra ny filazana izany. Inona no antony tsy nametrahana azy tato.

Misy fifampitohizany tamin’ny tetikasa mikasika ny fandriampahalemana nolaniana tamin’ny LFR 2020 teo ve ity tetikasa PRODIGY ity sa tsia. Io vola mitentina “143 000 000 USD” io ve ho an’i Madagasikara iray manontolo sa ho an’ireo Faritra hanana “identifiant unique” rehefa afaka 4 taona.

Misy fifampitohizana ve ny fitantanana ny raharaham-panjakana amin’ny ankapobeny sy ny fanaparahana ny sora-piankohonana ary ny “identifiant unique”.

Teny Anglisy izay tsy tenim-pirenentsika akory no nandikana ny tetikasa, fanampin’izay, teny frantsay koa no lazaina fa “version officielle”. Rahoviana no hipetraka ny fahamatorantsika amin’ny fampiasana teny Malagasy izay tenin-drazantsika.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa naneho ny ahiahiny mikasika ny voalaza ao amin’ny pejy faha-4 momba ny “commission d’engagement” 0,25% aloa amin’ny vola mbola tsy voaray. Sao hiditra amin’ny resaka mitovy FLAMCO isika, satria tamin’izany tetikasa izany, mandoa vola aloha vao mahazo tetikasa kanefa tsy mahazo vola avy eo. Inona no tiana lazaina amin’ny hoe: “non concessionnel”. Io 0,25% io ve “taux d’intérêt” amin’ity vola indramina ity sa zavatra hafa.

Notsindrian’Andriamatoa SATRA Augusitin, fa olana eto amintsika ny tsy fananana kopia sy karapanondrom-pirenena. Maro ny olona tsy manana izany raha mitaha amin’ny olona misitraka azy raha ny antontan’isa no jerena. Ny tanjona dia hanana “identifiant unique” raha vao teraka ka mandrapahafatin’ny olona iray.

Nametraka fanontaniana koa ny tenany raha toa efa misy paikady sy tetikasa ahafahana mamantatra ireo tsy manana kopia sy karapanondrom-pirenena amin’izao vanin’andro izao. Hanofana olona hisahana izany ve ny Fanjakana satria «réforme» mikasika ny «état civil” no hatao.

Nambarany koa, fa tokony hisy tolo-tànana hataon’ny Fanjakana amin’ny fanatanterahana ny tetikasa, toy ny fisian’ny “renforcement de capacité” sy ny “mesure d’accompagnement” manaraka azy.

Nomarihany, fa ady goavana ny fanaovana fitsarana mitety vohitra amin’ny fanomezana kopia fahaterahana sy karapanondrom-pirenena satria izany no sakana ny tsy fananana izany tamin’ireo zaza nanala fanadinana, taona 2019 sy 2020.

Nitaona ny namany handany ny volavolan-dalàna ny tenany teo ampamaranana ny teniny.

Nambaran’Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, fa zava-dehibe ity tetikasa ity ary tsy mora ny hanatanterahana azy satria hisy fiantraikany amin’ny fiainam-pirenena na eo aza ny fandaniam-bola aterany. Notsindriany anefa, fa dingana iray lehibe ho an’ny tany andalam-pandrosoana tahaka antsika ny fametrahana ny tetikasa maharitra toy izao.

Notsiahiviny fa efa nisy atrikasa natao tany Ampefy momba ny tsy fananana kopia. Nipetraka ny adihevitra momba ny fitsarana mitety vohitra tamin’izay satria vola betsaka no laniana amin’izany; mety ve raha jerena miaraka amin’ity tetikasa ity izay toe-javatra izay.

Tsapa koa fa tsy manatona ny toeram-pitsaboana ny Reny rehefa hiteraka, ka izay no mahatonga ny tsy fananana kopia, indrindra any ambanivohitra. Tokony hisy fanentanana hatao momba izany.

Ahoana koa ny fomba hanamorana ny fahazoana karapanondrom-pirenena vaovao satria tsy afaka misitraka izany ny vahoaka. Maninona raha asiana famantarana ny trano onenana (numéro de logement), tahak'izay koa, tokony hanana "carnet" ny isan-trano mba hahamora ny fanisana vahoaka.

Teo ampamaranana ny teniny, nitaona ny Solombavambahoaka namany ny tenany mba handany ny volavolan-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa RAKOTOMANJANJATO Edmond Rodin Georges, fa endrika fangataham-bola ny fanaovana lalàna eto amintsika. Efa nisy lalàna natao momba ny Ezaka Kopia na EKA, nampiharina izany kanefa toa tsy nahitam-bokany. Raha izay no jerena, tsy hita taratra ny fifandimbiasan-panjakana.

Nomarihany fa tsy miaka-bohitra ny vehivavy hiteraka any ambanivohitra satria dokotera lehilahy no misy any. Noho izany, lasa mankany amin'ny renin-jaza ireo vehivavy rehefa hiteraka, hany ka tsy manana kopia ny zaza ka lasa tsy misitraka karapanondrom-pirenena rehefa feno taona.

Nambarany koa fa tokony hotohizana amin'ny fanaovana "recensement" ity tetikasa ity mba ahafahana manisa ny zaza vao teraka, amin'izay tsy mandany volabe.

Azon'ny "Chef de District" atao ve ny manendry mpitsara mitety vohitra mba hanaovana ny asa momba ny fahazoana kopia eny ifotony.

Raha ny tsapa, mbola olana lehibe eto Madagasikara ny tsy fananana kopia sy karapanondrom-pirenena kanefa tsy akora afarana avy any ivelany no anaovana azy, fa vitantsika eto an-toerana ihany. Nahoana no tsy itadiavana vahaolana izany.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, kosa raha nandray fitenenana dia nanamarika fa ambany ny taha-pahavitrihan'ny Solombavambahoaka TIM tamin'ny fandinihana ity volavolan-dalàna ity. Nambarany fa iray ihany ny Solombavambahoaka TIM nanatrika ny fivoriana ary anisany tsy handray anjara amin'ny fifidianana Senatorialy izy ireo kanefa mametraka fanankianana hatrany.

"Ratification" no atao eto, ka tokony holaniana izany satria tetikasa hanenika an'i Madagasikara iray manontolo no hatao. Noho izany, mangataka mba tsy ho an'ny Faritra Atsinanana irery no hanaovana ny tetikasa. Tokony hiaraka hiainga koa ny Distrika miisa 119 amin'ny fanaovana tetikasa fampandrosoana satria izay no fomba ahatratrana ny tanjona.

Taorian'ny fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hamaliany izany.

Andriamatoa ANDRIANTSEHENO Balsam, Mpandrindra ny Tetikasa PREA no nitondra ny valin-teny mialoha tamin'izany.

Raha momba ny fanontaniana voalohany, novaliany fa anjara asan'ny "Cour des Comptes" no manao tombana ary misy "indicateur" tokony hotratrarina amin'ny fanaovana ny asa. Izahay hoy izy no manamarina sy manara-maso ny asa amin'ny maha "organe de contrôle externe" mikasika ny tetikasa anay.

Nomarihany koa fa hisy ezaka tokony hatao mba hanafainganana ny "decaissement" amin'ny famatsiam-bola.

Mikasika ny fanontaniana nipetraka tamin'ny resaka "commission d'engagement" sy "taux d'intérêt" dia misy karazany roa. Rehefa misy "accord de prêt" toy izao, misy ny "commission" izay manana taha 0,25%. Ankoatr'izay, misy koa ny "taux d'intérêt" manana taha 1,8%. Izany hoe, hafa ny an'ny "commission" ary hafa ny an'ny "taux intérêt". Noho izany, ny fomba fandoavana azy no tsy mitovy, fa alaina ao anatin'ny "accord de prêt" ihany izy ireo.

Ny fomba ahafantarana hoe "concessionnel" na "non concessionnel" ny "prêt" iray dia miankina amin'ny "condition financière avantageuse". Anisan'izany ny "taux d'intérêt" farany ambany. Eo ihany koa ny fotoana amerenana ny vola nosamborina. Manampy izany, ny resaka "remboursement différé". Tokony hihoatra ny 35% taha raha "concessionnel" ny «prêt», fa raha latsaky ny 35% kosa ny "élément don" dia "non concessionnel" ny «prêt» natao. Raha eo anelanelan'ny 25% sy 35% kosa, "semi concessionnel" no iantsoana azy.

Nomarihany fa amin'ny fifanarahana momba ny "accord de prêt" tahaka izao, teny Anglisy no ampiasain'ny Banky Iraisam-pirenena. Raha mikasika ny "négociation" kosa, amin'ny teny Anglisy hatrany no anaovana ny "document de prêt". Izay no fepetra apetrany satria izay no mifanaraka amin'ny zavatra takian'ny mpamatsy vola. Notsindriany fa Amerikana no mpamatsy vola, koa rariny raha natao tamin'ny teny Anglisy ny fifanarahana.

Zava-dehibe ity tetikasa ity, hoy izy, satria ahafahana manao "identification" avy hatrany ny lisi-pifidianana sy ho an'ny olona "contribuables" eto amintsika.

Taorian'izay, nitondra valin-teny Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra. Raha mikasika ny "commission d'engagement", miendrika fitahirizina mialoha ny vola any amin'ny Banky Iraisam-pirenena no atao satria tsy maintsy ampiasaina ireo vola ireo rehefa azo. Noho izany, amporisihana isika Malagasy mba hampiasa ny vola ampisamborina antsika arakaraky ny "capacité" izay ananantsika.

Rehefa izany, nanohy nitondra valin-teny Andriamatoa ANDRIANTSEHENO Balsam, mpandrindra ny tetikasa PREA, nambarany fa "verification des indicateurs" no ataon'ny teknisiana avy amin'ny tetikasa, fa andraikity ny "Cour des Comptes" kosa no mandrefy hoe tratra ve ny tanjona sa tsia.

Misy tatitra atao momba ny "indicateur" hoe tratra ve ny tanjona na tsia; koa amin'ny maha "organe de controle"-n'ny tetikasa anay no anaovanay izany satria misy "financement" ao anatin'ny tetikasa. Nambarany koa fa zava-dehibe ity tetikasa ity satria mifampiankina aminy daholo ny ankamaroan'ny tetikasa atao eto amin'ny firenena. Ny antony, azo ampiasana ny "identifiant unique" avokoa izy ireo.

Fanampin'izay, ny "identifiant" dia manamora ny fahazoan'ny zaza kopia amin'ny alalan'ity tetikasa ity. Etsy andanin'izany, azo fantarina avy hatrany hoe vita vaksiny ny zaza; miditra any an-tsekoly ve izy ireo. Izany hoe, rehefa feno 18 taona ny olona iray dia miditra avy hatrany amin'ny "registre" roa samihafa ny anarany. Miditra ao anaty lisitry ny "contribuable" aloha; avy eo miditra ao anaty lisitry ny mpifidy. Ireo zavatra roa ireo dia manamora ny "élargissement de l'assiette fiscale" satria tafiditra avy hatrany any anaty "base des données" ny olona feno taona araka ny voalaza tany aloha. Manamora ihany koa ny fisitran'ny olom-pirenena tsirairay ny asa eny amin'ny sampandraharaham-panjakana izany.

Momba ny resaka "site pilote", nomarihany fa tokony ho tafiditra avokoa ny Faritra 22 eto amintsika, fa natao "site pilote" ireo toerana voalaza teo, toy ny any Ambositra, Fandriana, Fianarantsoa, Toamasina satria mbola mila fanandramana ny fitaovana hampiasaina amin'ny tetikasa. Ho an'i Madagasikara iray manontolo io vola mitentina "143 000 000 USD" io satria misy ezaka hafa ataonay miaraka amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Minisiteran'ny Fitsarana amin'ny fanaparitahana ny tetikasa any amin'ny Faritra 22. Araka ny voalaza tany aloha, ny hananantsika olona miisa 5 tapitrisa ao anatin'ny "base des données" aorian'ny 4 taona nanaovana ny tetikasa no tanjona.

Misy karazan'olona roa no kendrena amin'ity tetikasa ity. Voalohany, ny zaza vao teraka; hisy vondron'olona hisahana ny fanambaram-pahaterahan'izy ireo. Voakasik'izany ny CSB, hisahana ny zaza teraka sy ny maty eny amin'ny toeram-pitsaboana no andraikiny.

Faharoa, ny Fokontany izay hovatsiana fitaovana toy ny "Tablette" ary ny Kaominina kosa homena "ordinateur" hampiasana amin'ny fahalavorarian'ny tetikasa.

Manampy izany, ilaina tokoa ny lafiny serasera amin'ny fampahafantarana ny olona rehetra ny tetikasa tahaka izao satria zava-dehibe ho an'ny firenena ny fanatanterahana azy.

Ny 60% ka hatramin'ny 70%-n'ny vehivavy teraka any ambanivohitra dia tsy manatona CSB, ka izay no antony ampidirana ny Fokontany ao anatin'ny tetikasa, indrindra amin'ny fanaovana "déclaration d'évènement d'Etat Civil".

Anisan'ny fomba ahafahantsika miala amin'ny fandanium-bolabe amin'ny EKA koa izy ity. Izany hoe, mba ho lasa "digitalisé" tanteraka ny resaka "état civil" eto amintsika.

Mikasika ny hoe hahenika an'i Madagasikara iray manontolo ny tetikasa; ankoatry ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Minisiteran'ny Fitsarana, hisy tolobidy hangatahana fanampiana hanaovana andrana hahafahana mamoaaka "feuille de route" amin'ny tena hitantanana azy eto amintsika. Koa eritreretina ho any amin'ny voalohan'ny volana Aprily 2021 any no hahazoantsika izany fanampiana izany mba hahafahana miroso amin'io andrana io.

Taorian'izay, nomena an-dRamatoa DELMOTTE STEPHANIE, Mpandrindra ny Tetikasa PRODIGY ny fitenenana. Nambarany fa amin'io vola "143 Millions USD" io, ny 16% ihany no ao anatin'ny "Financement Basé sur le Résultat"; ny 84%-n'ny "enveloppe budgétaire" no azo ampiasaina ahafahantsika miditra amin'ny "investissement" sy ny "achat d'équipements consommables" ary hanaovana ny "renforcement de capacité". Io ampaham-bola farany io no tantananay ato amin'ny "Unité de Coordination de Projet", fa tsy miandry ny fandrefesana ny "indicateur de performance" avy amin'ny "Cour des Comptes" izahay.

Hisy vola mitentina "33 Millions USD" halefanay avy hatrany any amin'ny Kaominina amin'ny voalohan'ny taona 2021 ho avy izao, hanampiana ny fampitaovana azy ireo satria tena tsapanay ny andraikitra makadiry miandry azy ireo ao anatin'ity tetikasa ity.

Tetikasa handrakotra an'i Madagasikara iray manontolo izy ity araka ny voalaza, fa tsy ho an'ireo toerana vitsivitsy voatonona teo ihany.

Raha ny tanjona napetraka, 5 tapitrisa no isan'ny olona hisitraka ny tetikasa, fa raha mahavita mihoatra izany isika vao maika tsara.

Taorian'ny famaliana ny fanontaniana nataon'ny teknisiana, nisaotra azy ireo, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary notsiahiviny, fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anatin'ny fifanarahana, fa na ankatoavina na tsipahina na ahemotra ny fandania azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «*autorisant la ratification de prêt relatif au finacement du PRODIGY, conclu le 12 octobre 2020 entre la République de Madagascar et l'IDA*».

Taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, ka fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fanehoana fiaraha-miasa nandaniana ny volavolan-dalàna no nambarany.

Niato tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Nitohy tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena, izay nirosoana tamin'ireto lahadinika manaraka ireto:

- Fandinihana ny «*Proposition de loi n 008-2020/PL portant régime de retraite parlementaire présentée par Monsieur le député REMIE dit DJAO Jean, élu à ANTISOHIHY*».
- «*Séance d'information sur l'harmonisation des initiatives en nutrition et sécurité alimentaire par la plateforme de la société civile pour le renforcement de la nutrition dénommée HINA*».

Marihana fa Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa mpitarika fivoriana dia nilaza fa misy fiovàna ny fandaharam-potoana efa tapaka teo aloha noho ny tsy fahasalaman'ny Solombavambahoaka iray, ka lasa namonjy izany ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka namana.

Noho izany, nangataka ny hanemorana ny lahadinika rahampitso, tolak'andro, ny tenany satria tsapa ny maha zava-dehibe ity resaka tsy fanjarian-tsakafo eto amintsika ity.

Taorian'izay, Andriamatoa RAJAABELINA Lova Herizo, no nandray fitenenana ka naneho ny ahiahiny manoloana ny fisian'ny fifidianana Loholona izay hotanterahina tsy ho ela satria betsaka ireo Solombavambahoaka namonjy ny Distrika nahavoafidy azy. Nangatahany koa ny hanemorana ny fivoriana amin'ny herinandro ambony.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, kosa nanamafy ny fangatahana hanemorana ny fandaharam-potoana amin'ny herinandro ambony satria zava-dehibe loatra ny resaka kere eto amin'ny firenena.

Ramatoa FANIRY Hantaharinirina, tekisiana avy amin'ny HINA kosa, naneho fisaorana noho ny fiaraha-miasa nasehon'ny Solombavambahoaka. Nambarany fa mety aminy daholo izay fotoana hanatanterahana ny fihaonana ary vonona amin'izany hatrany ny tenany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa mpitarika fivoriana, fa ankoatry ny resaka mikasika ny HINA, misy ihany koa tolo-dalàna naroson'ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO Jean. Manoloana izany, angatahana ihany koa ny fanapahan-keyitra amin'ny tokony hanemorana azy amin'ny herinandro ambony.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, nolanian'ny Solombavambahoaka rehetra tonga nivory, fa hahemotra amin'ny herinandro ambony ny fandaharam-potoana saika hatao izao tolak'andro izao ary ankinina amin'ny Sekretera Jeneraly ny fandaminana ny fotoana hanatanterahana ny lahadinika.

Niato tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona